



**FARITRA MATSIATRA AMBONY**

**DINAM-PARITRA  
MATSIAUTRA AMBONY**

*« DINAN'I MATSIATRA  
AMBONY »*

FIANARANTSOA  
MATSIAUTRA AMBONY  
01 JUILLET 2015

## TOKO VOALOHANY

1. Mikasika ny mponina amin'ny akapobeny.

Andininy 1 : Adidin'ny olona rehetra ao amin'ny vohitra na tanàna ny tsy maintsy misoratra ao amin'ny bokin'ny mponina ao amin'ny Fokontany misy azy araka ny lalàna manan-kery.

Andaniny 2 : Adidin'ny isan-tokatrano ny tsy maintsy manana bokim-piankohonana.

Ny isam-pianakaviana koa dia tsy maintsy manana bokin-taribahy mamaritra ny akohonana. Ny isambatan'olona dia tsy maintsy manana pasipaoro, karam-panondrom-pirenena, kopia, karinem-pamokarana, varotra, ho an'ny vatan-dehilahy sy vehivavy efa tsy mianatra intsony ary karin-adidy.

Andininy 3 : Irato avy ireo karazam-boky tsy maintsy hita isan-tanàna.

1. Bokin'ny mponina anoratana ny mponina isan-tokatrano sy isan-taona
2. Bokin'ny mpandeha hoa n'izay mivoaka ny Fokontany misy azy.
3. Bokim-bahiny.
4. Bokin'ny mpiambina
5. Bokin'ny fanarahan-dia
6. Boky fampitana koka
7. Boky firaketan-drahahaha ho an'ny Komity mpanatanteraky ny dina.
8. Boky fitanana kaonty.
9. Bokin'omby
10. Bokin'ny tari-bahy

Ny komity mpanatanteraky ny dina oe anivon'ny Fokontany izay misy mpikambana araka ny voalazan'ny andininy faha-17 ao amin'ny lalàna faha 2001-004 tamin'ny 25 Oktobra 2001 no manara-maso amin'ny Fokontany ny fanatanterahana ireo eo anivon'ny mpiara-monina ka miara-miasa amin'ny Fokontany izy amin'izany : atsangana isam-pokontany ny Komity mpanara-maso ka fifidianana no ananganana azy.

1. Komity mpanatanteraky ny dina izay fidina ihany koa
2. Ny sefom-pokontany dia mitazona ny rejistra ny fitaovam-pifidianana.

Atsangana eo anivon'ny Kaominina sy ny Distrika ary ny faritra ihany koa ny Komity mpanara-maso sy mpandrindra.

Andininy 4 : Ampiharina anteraka ny fepetra mikasika ny lalàna manankery amin'ny fitazomana fitaovam-piadiana sy fivarotana basy sy bala.

Andininy 5 : tsy misy fety aman-danonana azo atao raha tsy nanaovana fangatahana mialoha amin'ny tompon'andraikitra mahefa ao an-toerana.

Andininy 6 : Tsy azo atao ny mitondra fitaovam-piadiana na zava-maranitra toy ny tehina, ny famaky, ny antsy na zava-maranitra hafa, indrindra ny basy amin'ny toeram-pivoriamp-bahoaka. Raràna ihany koa ny fanakorontanana sy ny ady ary ny fimamoana manohitohina ny filaminam-bahoaka.

Andininy 7 : Momba ny fananganana toeram-ponenana.

Tsy maintsy atao araka ny lalàna manan-kery ny fananganana toeram-ponenana ivelan'ny tanàna (Campement) ka tompon'andraikitra amin'ny zava-miseho (fahaverezan'ny dian'omby, doro tanety) eo amin'ny manodidina ny tompon'ny Campement.

Andininy 8 : Iharan'ny vono dina izay rehetra mampiantrano gadra tsy manana taratasy fivoahana ny fonja ara-dalàna. Toy izany koa izay mamoaka gadra tsy ara-dalàna.

Andininy 9 : Tsy azo atao torak'izany ihany koa ny mampiantrano olona mirenireny foana tsy misy pasipaoro mazava.

## TOKO II : MOMBA NY HALATRA OMBY

### I. MOMBA NY FIVEZEVEZENA SY FIVAROTANA OMBY.

Andininy 10 : Mba hisorohana ny halatr'omby dia apetraka ny rafitra ifampifehezana toy ny boky isan-karazany (Bokin'omby, Boky fiambenana, Boky fampitana koka sns...). Hamafisina ny fierovana ny olona milaza tsiambaratelo mikasika halatra omby ka ny fitsipika anatin'ny mifehy ny Komity mpanatanteraky ny dina isan'mbaratonga no hamaritra izay paika rehetra ho entina manatanteraka an'izany.

Andininy 11 : Tsy azo atao ny mivarotra omby ivelan'ny toerana voatondro ara-dalàna, toy izany koa ny fanondranana omby anatin'ny kamio. Tsy azo atao ihany koa ny miroaka omby amin'ny andro alina.

### II. MOMBA NY FANARAHAN-DIA

Andininy 12 : Adidin'ny vatan-dehilahy rehetra feno 18 ka hatramin'ny 50 taona ny manara-dia rehefa misy omby very. Iharan'ny vono dina izay olona tsy manara-dia nefo tsy misy antony mazava, toy izany koa ny mpanara-dia miverin-dalana.

Ny atsasaky ny vatan-dehilahy rehetra feno 18 ka hatramin'ny 50 taona voatendry no mandeha manara-dia. Ny iray ampha-dimin'ny vatan-dehilahy rehetra feno 18 taona ka hatramin'ny 50 taona isaky ny tanàna lalovana kosa no manatevina ny mpanara-dia eny an-dalana.

Andininy 13 : adidin'ny tanàna sy ny fokontany tsirairay ny :

- Mametraka rafitra maty paika amin'ny fanarahan-dia (ekipa, kahie isaky ny ekipa)
- Ny mandeha aloha, ny manaraka aoriania ary ny miandry tanàna.

- Mametraka lamina toa ny fitaovana eo am-pelatanana (basy, vatan-dehilahy)
- Manome VATSY vonjy taitra 3 andro, vatsy 1 andro.
- Mametraka ny fepetra fanatanterahana ny fanarahan-dia.
- Mampandre faran'izay haingana ny mpitandro filaminana mba hanampy amin'ny fanarahan-dia.

**Andininy 14** : Tsy maintsy mifanampy amin'ny fanomezana vatsy ho an'ny mpanara-dia amin'ny toerana ilanian'ny vatsin'izy ireo ny mpiray dina.

**Andininy 15** : Adidin'ny tanàna sy ny Fokontany nahavoaray koka ny mampita izany sy mirotsaka avy hatrany amin'ny fanarahan-dia. Iharan'ny vono dina ny olona manana basy tsy mety manara-dia nefo tsy anisan'ireo voatery hiambina ny tanàna.

**Andininy 16** : Tsy manara-dia ny mpiasam-panjakana fa manampy ny mpanara-dia amin'ny fanomezana vatsy sy fanaovana tatifitra faran'izay haingana amin'ny manam-pahefana.

### III. MIKASIKI NY FAMOAHANA NY DINAN'OMBY VERY

**Andininy 17** : Adidin'ny tanàna ny manara-maso sy misafo kizo ka iharan'ny vono dina ny tanàna tsy mamafa kizo. Adidin'ny tanàna ny mikoka rehefa misy fanafihana. Kilasiana toy ny mpangalatra ny toerana na ny tanàna tsy mety mandray na tsy mahatafavoaka dian'omby ao anatin'ny 72 ora ijanonan'ny mpanara-dia eo an-toerana ahaverezan'ny dian'omby. Tsy maintsy manana vatsy tahiry ho an'ny fanarahan-dia (vary sy vola) hamonjena ny tra-boina eo am-panarahan-dia ny Fokontany sy ny Kaominina niharam-boina (And22- didim-panjakana faha 2014-1338 tamin'ny 19 Aogositra 2014).

**Andininy 18** : Iharan'ny vono dina ny olona mamerivery sy mamilivily ny mpanara-dia ka sokajiana toy ny mpangalatra izy ireo.

### IV. MIKASIKI NY TATITRA MOMBA NY FANARAHANA-DIA SY NY FAMOAHANA DIAN'OMBY.

**Andininy 19** : Tsy maintsy anaovana tatitra avokoa ny fanarahan-dia sy ny famoahana dian'omby very, tatitra ho an'ny saliny mpanara-dia sy mpamoaka dia sy ho an'ny tompon'andraikim-panjakana isan'ambaratonga (Fokontany, Distrika, Faritra ary ny Fitsarana) araka ny voalazan'ny and 21 – and 2 ao amin'ny 2001-004.

Adidy sy andriakiry ny tanàna tsirairay voakasika ny manao izany tatitra izany ao anatin'ny 48ora. Anaovana fitanana an-tsoratra mazava ny trangan-javatra rehetra manodidina ny fanarahan-dia, ny fanoloran-dia ary ny famoahan-dia ka ny rejistra voamarina ara-panjakana no ampiasain'ny Komity mpanatanteraka ny dina isan'ambaratonga amin'izany. Ankoatry ny solotenam-panjakana sy ny Fitsarana ary ny olom-boafidy dia omena ny dika mitovy ny mpitory sy ny Toriana.

**Andininy 20** : Adidin'ny tanàna tsirairay ny fanamafisana ny KALONY.

## V. **MIKASIKI NY VALA**

**Andininy 21** : Tsy maintsy hamafisina sy atao manaram-penitra ny valan'ny omby. Amporisihina ny fananganana vala iombonana.

## VI. **MIKASIKI NY FIVEZIVEZEN'NY OMBY SY NY FIVAROTANA OMBY**

**Andininy 22** : Ny lalàna no mamaritra ireo antontan-taratasy mikasika ny fivezivezen'ny omby sy ny fivarotana azy. Ireto manaraka ireto ny antonta-taratasy tsy maintsy ananana mikasika ny fivezivezena sy ny fivarotana omby :

- Bokin'omby, F I B ny Certificat de Vaccination ary ny taratasy fifampivarotana.
- Sarin'ny omby sy ny tompony.

**Andininy 23** : Omena ny mpivid� avy hatrany ny pasipaoron'ny omby, rehefa lafo ny omby. Arahina maso akaiky ny Fiche Individuel de Bovidé indrindra raha maty na novonoina ny omby, mba hisorohana ny fampiasana F I B na Certificat de Vaccination amin'ny tsy rariny hanadiovana ny omby halatra.

Raha misy trova ny fividianana omby dia tsy maintsy anaovana fifanekena an-tsoratra mazava izay hamarinina ara-panjakana.

**Andininy 24** : Omena ny mpivid� avy hatrany ny pasipaoron'ny omby rehefa lafo.

**Andininy 25** : Ny fitsipika anatiny no mamaritra ny paika arahina sy mifehy ny Komity Mpanatanteraky ny dina no hamaritra izany tsara an-tsakany sy an-davany.

**Andininy 26** : Ferana ho tokana ihany koa ny lalan'ny omby ary ny manam-pahefana eo an-toerana no hamaritra izany. Voafetra ny atoandro ihany no ahafahana mandroaka omby.

**Andininy 27** : Voafetra ho an'ny ora sy toerana voatondro ara-dalàna ihany ny toerana famonoana ny omby sy itanterana ny hena.

**Andininy 28** : Tsy maintsy ampahafantarina ny mpitandro filaminana ny nimerao mikasika ny pasipaoro isaky ny boriboritany.

## VII. **MIKASIKI NY FIAMBENANA**

**Andininy 29** : Mba hitsinjovana ny fandriampahalemana ankapobeny, ny aina sy ny fananam-bahoaka dia apetraka ny andrimasom-pokonolona (Kalony) sy ny vaomieran'ny fandriam-pahalemana, hanaramaso mikasika ny fandriampahalemana.

## VIII. MIKASIKA NY KOKA (HAZOLAVA)

Andininy 30 : Apetraka mazava isan-tanàna ny fandraminana ny fampitana sy fandraisana KOKA izay tsy maintsy raketina anatin'ny kahie fampitana KOKA.

## IX. MIKASIKA NY FANAOVANA FAMOTORANA MOMBA NY HALATRA OMBY

Andininy 31 : Miainga avy amin'ny fitarainana an-tsoratra amin'ny ambaratongam-pahefana sy ny Komitin'ny Dina ny fanaovana famotorana.

Andininy 32 : Ireto avy ireo olona mety hanaovana famotorana :

- Ny mpanolotra,
- Ny mpangalatra tena nanao ny lahatra,
- Ny mpandray halatra,
- Ny mpiray tsikombakomba rehetra,
- Ny toerana nahavezan'ny dian'omby.

Mikasika ny fametrahana ny fepetra fanatanterahana ny famotorana.

Andininy 33 : Ny mpiray dia no tompon'andraikitra amin'ny famotorana sy ny kabary rehefa nahazo fahazoandalana.

Andininy 34 : Andefasana ny fitanana an-tsoratra rehetra natao ny Lehiben'ny Faritra, ny Lehiben'ny Distrika, ny mpitandro filaminana ary ny Fitsarana.

## TOKO FAHA III : MOMBA NY HALA-BOTRY SY HALATRA TAOLAM-PATY

### I. MOMBA NY HALATRA TAOLAM-PATY

Andininy 35 : Iharan'ny vono dina mitovy amin'ny faty olona no sady miantoka ny lany amin'ny famerenana ny Razana ao am-pasana raha hita ny taolana. Raha tsy hita kosa dia mandoa vono dina iray tapitrisa Ariary ny mpangalatra akoantrin'ny sazy voalaza eo ambony.

### II. MOMBA NY HALA-BOTRY, NY DRAMOTRA, NY FISOLOKIANA SY NY FANENDREKENDREHANA TSY MARIM-POTOTRA

Andininy 36 : Ny halatra rehetra ivelan'ny halatra omby sy ny halatra taolam-paty no atao hoe hala-botry. Mandoa ny zavatra nangalariny izay sandaina avo dimy heny izay tratra manao hala-botry. Ny tsy fananany karinem-pamokarana sy ny tsy fananany foto-boly na fiompiana no mahatonga azy hanao hala-botry ka saziana ihany koa momba izany ny mpanao hala-botry.

Andininy 37 : Halatra taolam-paty sy fanimbazimbana fasana.

Iharan'ny vono dia izay voaporofa nangalatra taolam-paty sy manimbazimba fasana.

Andininy 38 : Ny dramotra. Iharan'ny vono dia izay rehetra voaporofa nanao dramotra na fira ambany.

Andininy 39 : Sazina mitovy amin'ny mpanao hala-botry ny mpisoloky ka mamerina avo dimy heny ny zavatra nosolokiny.

Andrininy 40 : Iharan'ny vono dina izay rehetra voaporofa nanendrikendrika olona tsy marim-pototra. Sokajiana sahala amin'ny fanompana ny fanendrikendrehana tsy marim-pototra.

## TOKO IV : MOMBAMOMBA NY DORO-TRANO SY DORO TANETY ARY FAMBOLENA HAZO

Andininy 41 : Ny fandoroana trano fonenana sy izay rehetra momba azy (tranom-bary, tranom-biby fiompy, garazy, sns..) no voafaritr'ity andininy ity. Sady mameritra amin'ny laoniny ny trano nodorany no mandoa vono dina ihany koa ny tompon-keloka.

Andininy 42 : Ny afo tsy nahazoana alalàna, toy ny doro tanety ka tsy voafehy ary nitarika fahasimban-javatra mohoatra ny 50 ara raha misy voly hazo dia heverina ho doro tanety.

Andininy 43 : Tsindriana manokana ireto sokajim-paritra ireto : - Toeram-pambolen-kazo – ny Kijàna nodorana nahazoana alalana tamin'ny solotenam-panjakana mahefa.

Andininy 44 : Tsy maintsy fantatra isan-tanàna ny faritra arovana. Tompon'andraikitra amin'ny famonoana afo ny fokonolona manodidina ny tanàna nipoiran'ny afo.

Andininy 45 : Ajoro isam-pokontany ny Polisin'afy, ny vaomieran'ny Komitin'afy hisahana ny afy amin'ny doro tanety.

Andininy 46 : Andraikitry ny Komitin'ny afo ny fanaovana famotorana sy fanadihadiana any ifotony sy ny fitanàna an-tsoratra rehefa mikasika ny doro tanety raha vao maharay tatitra momba izany. Alefa any amin'ny Komitin'ny Dina ny vokatry ny famotorana mba hampiharana ny vono dina.

Andininy 47 : Adidy sy andraikitry ny Fokontany sy ny Kaominina.

- Mikajy ny faritra voaaro.
- Ny mamaritra toerana hatao fambolen-kazo.
- Ny mamaritra ny kijàna.
- Ny mamonjy koka raha misy doro tanety.
- Ny manao aro afo.

Iharahan'ny vono dina ny Kaominina tsy mamboly hazo.

## TOKO V : MOMBA NY FITANDROVAN NY RANO

### I. FAMARITANA

Andininy 48 : Ny rano ambara eto amin'ity dina ity dia rano :

- Mamatsy ny filàna andavanandro eo amin'ny olombelona sy eo amin'ny biby fiompy.
- Mamatsy ny filàna eo amin'ny famokarana.
- Amin'ny tambazotra fitarihan-drano ho amin'ny fambolena.

### II. FANDAMINANA MANOKANA

Andininy 49 : Ajoro isan-tanàna sy isam-pokontany ny rafitra misahana ny rano na ny Komity mpitantana ny rano izay misy Filoha, mpanolontsaina sy mpanaramaso ary mpitantsoratra mba hiandraikitra ny fitandrovana ny rano.

Andininy 50 : Ajanona miaraka amin'ny vava ny fihetsika sy fanaovan-javara voararan'ny dina. Ny vaomiera sy ny Komitin'ny rano no miandraikitra an'izany.

Andininy 51 : Fanaovana famotorana. Ny Kaomitin'ny rano no misahana ny famotorana ary miditra an-tsehatra ny Kaomitin'ny dina eo amin'ny fampiharana ny sazy araka ny fitanana an-tsoratra ataon'ny Komitin'ny rano.

Ireto no fandikan-dalàna iandraiketan'ny Komitin'ny rano :

- Fanimbana lalan-drano.
- Fanotofana na fandravana dobo.
- Fanimbana toha-drano.
- Fanimbana paompy na vovo.
- Fandotoana na fanimbana fatsakana vovo, siniben-drano.
- Famotehana ny ala manamorona ny rano.
- Ady rano niteraka fandraatrana.
- Fanapoizinana trondro anaty dobo na farihy na renirano.

## TOKO VI : MOMBA NY VONO OLONA SY NY FANDRATRANA OLONA

Andininy 52 : Ny fandratrana na vono olona vokatry ny disadisa samihafa sy noho ny finiavana hanao izany no voakasik'ity fepetra ity.

Andininy 53 : Mikasika ny vono olona dia azon'ny mpiray dina amin'ny ambaratonga ambany miangavy fanampiana ny Komitin'ny dina eo amin'ny ambaratonga amboniny mba hifanampy amin'izy ireo amin'ny paik'ady arahina amin'ny fampiharana ny dina.

Andininy 54 : Saziana mitovy amin'ny vono olona antsitra-po ny fandratrana niteraka takaitra mandrampahafaty ho an'ny niharam-boina.

Andininy 55 : Fanolorana amin'ny manam-pahefana. Ny paik'ady voalaza eo amin'ny andininy faha 35 hatramin'ny faha 66 no arahina sy ampiharina raha misy fandratrana na vono olona niniana natao.

## TOKO VII : MOMBA NY ZAVA-MAHADOMELINA

Andininy 56 : Voarara ny fambolena, fivarotana ary ny fifohana rongony, voarara toy izany ihany koa ny mivarotra, mitsindrona, mampiasa na mihinana zava-maha-domelina ankoary ny rongony amin'ny endrinvoajjanahary na efa voahodina.

Andininy 57 : Ny Komitit'ny dina sy ny andrimasom-pokonolona eo an-toerana no manara-maso sy mitory an'ireo mpikirakira zava-mahadomelina.

## TOKO VIII : MOMBA NY ADY TANY SY NY FANANAN-TANY

Andininy 58 : Ny tany tsy manana taratasy ara-panjakana na mazava na idirana an-keriny tsy misy fandaminan'ny tompon'andraikitra voatondron'ny lalàna hanao izany, na ny tany lova, ny tany novidina, na nohamaintisimolaly no voafefin'ity andininy ity.

Atsangana ny Komitit'ny Fananan-tany ifanampiana amin'ny Komitit'ny dina hiandraikitra ny olana arapananan-tany mety hiseho.

Andininy 59 : (Fandaminana manokana) ny Komity momba ny fananan-tany no miantsy ny fivoriambem-pokonolona sy manao ny famotorana mikasika ny olan'ny fananan-tany rehefa nahazo alalana hanao kabary ny Komity mpanatanteaky ny dina.

Andininy 60 : Iharan'ny vono dina ireto fihetsika ireto :

- Fidirana an-keriny amin'ny tany tsy mbola milamina.
- Fidirana an-keriny arahina fanimbana voly.
- Manompa olona noho ny fifandirana amin'ny ady tany.
- Mandratra olona noho ny fifandirana noho ny ady tany.
- Mamono olona noho ny ady tany.

## TOKO IX : MOMBA NY FANABEAZANA SY NY FIAROVANA NY ZON'NY VEHIVAVY SY NY ANKIZY.

### FAMARITANA

Andininy 61 : Manana zo feno hiditra an-tsekoly ny zaza rehetra ampy taona. Tsy maitsy arovana amin'ny herisetra ihany koa izy ireo. Iharan'ny vono dina ny Ray aman-dReny na mpiahy tsy mandefa ny zaza tokony hianatra an-tsekoly raha toa ka tsy noho ny antony ara-pahasalamana.

Andininy 62 : Andraikitrty ny FRAM sy ny FAF ary ny Fokontany no manara-maso ny fampiharana ny fepetra voalazan'ny andininy faha 61 eo ambony sy mitory amin'ny Komity Mpanatanteraka ny dina amin'ireo izay manao hadisoana.

Andininy 63 : Ny FRAM, ny FAF ary ny Komity Mpanatanteraky ny dina no manolotra an'izay manitsakitsaka ny zon'ny ankizy ny manam-pahefana rehefa vao nampiharina vono dina.

## TOKO X : MOMBA NY FANIMBANA VOLY-FOTODRAFIR'ASA IOMBONANA.

Andininy 64 : Iharan'ny vono dina izay rehetra minia manimba volin'olona amin'ny fandradanana biby fiompy.

Andininy 65 : Iharan'ny dina ihany koa ny fanimba fotodrafir'asa iombonana toy ny :

- Fanapotehana arabe noho ny tsy fanajana ny fepetra momba ny tsy fahazoana mandeha amin'ny fotoana avy orana.
- Ny fangalarana vy amin'ny tetezana sy ny lalàm-by.

## TOKO XI : MOMBA NY FAMPIHARANA NY DINA

### I. FAMPIHARANA SY FANOLORANA AMIN'NY MANAM-PAHEFANA.

Andininy 66 : Tsy maintsy anaovana fampahafantarana faran'izay haingana any amin'ny Kaominina, Distrika ary Faritra ny fisian'ny trangan-javatra sy ny fampiharana an'ity Dinam-paritra ity. Amin'ny alalàn'ny Komity Mpandrindra izay atsangana isaky ny ambaratongam-pitondrana (Fokontany, Kaominina, Distrika ary Faritra) no anaovana an'izany fampahafantarana izany amin'ny tompon'andraikitra. Ny Komity Mpandrindra eo anivon'ny Faritra no mampandre avy hatrany ny Fitsarana ho fanajana ny fepetra voalazan'ny andininy faha 12 ao amin'ny lalàna laharana faha 2001-004.

Andininy 67 : Ny atao hoe Mpiray Dina dia ny olona rehetra monina ao anatin'ny Faritra Matsiatra Ambony.

Andininy 68 : Ny Dinam-paritra no ampiharina amin'ireo lohahevitra XI voafaritra ao anatin'ny rehefa nahazo fanomezan-kery avy amin'ny Fitsarana mahefa eto an-toerana.

Andininy 69 : Ny fanapahana sy ny antontan-taratasy rehetra mikasika ny fizotrin'ny kabary dia tsy maintsy alefa any amin'ny OMC alohan'ny fampiharana sy fanavahana.

Andininy 70 : Ampahibe-maso no anaovana ny kabary famotorana.

Andininy 71 : Ny Komitit'ny Dina no manolotra ny voampanga amin'ny mpitandro filaminana raha mbola eo am-pelatanany izy. Rehefa voasambatra kosa dia azon'ny Komitit'ny Dina atao ny manao famotorana savaranonandro azy ao amin'ny Biraon'ny mpitandro filaminana (Zandary, Polisy) mandritra ny fotoana fohy alohan'ny hitondrana azy eo anoloan'ny Fitsarana.

**Andininy 72** : Tsy tokony hisy sakasakana avy amin'ny Fitsarana na mpitandro filaminana ny fampiharana ny dina.

**Andininy 73** : Araka ny voalazan'ny andininy faha 12 ao amin'ny lalàna laharana faha 2001-004 izay nohamafisin'ny andininy faha-2 ao amin'ny didim-pitondrana rezionaly laharana faha 2012-012 REG/HM tamin'ny 10 Aogositra 2012 dia tsy azo ihodivirana ny fanefana ny vono dina. Azon'ny mpiady tsy afa-po tamin'ny fanapahana noraisin'ny mpiray DINA anefa ny mitondra ny raharaha eo anoloan'ny Fitsarana araka ny voalazan'ny andininy faha 20 ao amin'ny lalàna laharana faha 2001-004. Mihatra avy hatrany anefa ny vono dina na dia misy aza fampakarana ny raharaha eo anoloan'ny Fitsarana.

- Ferana ho valo andro manomboka ny vanin'andro namoahana ny fanampahan'ny Komity mpanatanteraky ny dina ny fampandoavana ny vono dina. Eo noho eo kosa ny fampiharana ny sazy toy ny fandraofana ny fitaovam-piadiana, fanarenana ny simba, ny fandiovana ny toerana nolotoina sns...

**Andininy 74** : Raha tsy manana handoavana ny vono dina ny voampanga na raha tsy voaloan'izy samy irey ao anatin'ny fotoana voalaza eo ambony ny vono dina, dia ny iray taribahy aminy no mandoa azy ka azo anavahana ny Ray aman-dReny sy ny olona ipetrahany, ny rahalahin-drainy na anadahin-dReny, ny iray tampo aminy.

**Andininy 75** : Tsy mahazo manodikodina na mivarotra ny fananany ny voampanga sy ny mpiray taribahy voakasiky ny dina.

**Andininy 76** : Azo rohizana tady ny olona voampanga mahavita heloka be vava toy ny mangalatra omby na mpamono olona, raha mamaly na mikasa handositra.

**Andininy 77** : Atsangana isaky ny ambaratonga aksotr'ireo mambra ny Komity mpanatanteraky ny dina ny Komity mpandrindra sy mpanaramaso.

**Andininy 78** : Havaozina araka ny voalazan'ny andininy faha 17 ao amin'ny lalàna laharana faha 2001-004 ny mambra ny Komity mpanatanteraky ny dina arak'izao lamina manaraka izao :

Ny firafitry ny Birao mpanatanteraka araka ny voalazan'ny andininy faha 17 ao amin'ny lalàna laharana faha 2001-004 dia alamina toy izao :

- ✓ Filoha 1
- ✓ Filoha lefitra 1
- ✓ Mpitantsoatra 1
- ✓ Mpitantsoatra lefitra 1
- ✓ Mpitahiry vola 1
- ✓ Mpitahiry vola lehitra 1
- ✓ Mpanolotsaina 2

Ny mpizaka kosa dia tendren'ny fivoriamben'ny mpiray dina eo am-panaovana kabary ka olona 2 isaky ny ambaratonga (Fokontany, Kaominina, Distrika, Faritra).

## II. FOMBA FIFIDIANANA

**Toy izao no fepetra arahina amin'ny fifidianana ny biraon'ny KMD.**

- a) Eo anivon'ny Fokontany : fidin'ny mponina rehetra feno 18 taona noho miakatra eo ambany fitarihan'ny Sefom-pokontany.
- b) Eo anivon'ny Kaominina : Fidin'ny Filoha sy ny Lefitra ny KMD isam-pokontany.
- c) Eo anivon'ny Distrika sy ny Faritra (mitovy sy tsy valaka amin'ny eo ambony).

## TOKO XII : VONO DINA SY NY FITSINJARANA AZY.

**Andininy 79** : Ny 2/5n'ny vono dina dia omena ny Komitin'ny dina mpanatanteraka ny kabary. Ny 3/5 kosa dia an'ny niharam-boina.

**Andininy 80** : Toy izao ny fitsinjarana ny 2/5n'ny vono dina :

- 40% : an'ny birao mpanatatneraka.
- 20% : an'ny mpiray dina.
- 20% : an'ny mpitondra fanjakana.
- 20% : fitsinjo sy vatsy.

**SAZY SY VONODINA AMPIHARINA AMIN'NY FANDIKANA NY FEPETRA VOALAZAN'NY  
DINAN'I MATSIATRA AMBONY**

---

NY FIHETSIKA VOARARA  
sy  
IHARAN'NY SAZY SY NY VONODINA

| <b>TOKO VOALOHANY<br/>NY AMIN'NY FANDRINDRANA, FANDAMINANA<br/>FIAROVANA ANKAPOBENY</b>   | <b>SAZY VONODINA</b>                       |
|---|--|
| <b>Mikasika ny olona sy ireo taratasy fanamarinana isan-tsokajiny</b>   |  |
| And.1 : Tsy fananana bokim-pianakaviana   | 5 000Ar                                    |
| And.2 : Tsy fisoratana anarana amin'ny bokin'ny mponina ao amin'ny fokontany.   | 20 000 Ar                                  |
| And.3 : Tsy fananana bokim-taribahy (bokin'ny fianakaviana)   | 10 000 Ar                                  |
| And.4 : Tsy fanana pasipaoro.   | 50 000 Ar                                  |
| And.5 : Tsy fisoratana amin'ny bokim-bahiny na tsy fanoratana.  | 100 000 Ar                                 |
| And.6 : Tsy fisoratana amin'ny bokin'ny mpandeha.   | 100 000 Ar                                 |
| And .7 : Tsy fisoratana amin'ny bokin'ny mpiambina.   | 20 000 Ar                                  |
| And.8 : Tsy fanana karapanondro-pirenena.   | 5 000 Ar                                   |
| And.9 : Tsy fananana Kopia.   | 5 000 Ar                                   |
| And.10 : Tsy fananana Karinen'adidy   | 5 000 Ar                                   |
| And.11 : Tsy fananana Karinem-pamokarana.   | 5 000 Ar                                   |
| And.12 : <b>Mikasika ny fiambenana :</b><br><br>Lehilahy feno 18 taona ka hatramin'ny 50 taona tsy niambina nefo tsy misy antony manokana sy mazava ary tsy nahazo alalana tsy hiambina amin'ny fotoana voatondro hanaovana an'izany. | Isan'olona 100 000Ar                       |
| And.13 : <b>Mikasika ny fitaovam-piadiana.</b><br>Fitazonana fitaovam-piadiana tsy ara-dalana.  | Alaina ny basy miampy 100 000Ar            |
| And.14 : Tsy fanoratana fitaovam-piadiana amin'ny regista voatokana ho amin'izany ao amin'ny Fokontany.   | Alaina ny fitaovam-piadiana miampy 5 000Ar |
| <b>Mikasika ny fety aman-danonana sy andro tsena</b>  |  |
| And.15 : Fitondrana fitaovam-piadiana sy zava-maranitra toy ny basy, lefona, famaky, tehina, na zava-maranitra hafa mandritra ny andro fety sy lanonana amin'ny andro tsena, fiangonana.  | Alaina ny fitaovana miampy 10 000Ar        |
| And.16 : Hamamoana tafahoatra mandritra ny andro tsena sy ny fety aman-danonana.  | 10 000Ar                                   |
| And.17 : Fanaovana fety sy lanonana tsy nahazoana alalana an-taratasy mialoha.  | 30 000Ar                                   |
| <b>Mikasika ny toeram-ponenana.</b>   |  |
| And.18 : Fanorenana toeram-ponenana (campement) tsy nahazoana alalana.  | 100 000Ar                                  |
| <b>Mikasika ny gadra mirenireny sy olona mirenireny</b>   |  |
| And.19 : Mampiantrano olona gadra tsy manana taratasy mazava  | 200 000Ar                                  |

momba ny fivoahany ny fonja.

|  |   |
|--|---|
| And.20 : Mampiantrano olona mirenireny foana tsy misy anton'asa sy tsy manana taratasy mazava.   | 200 000Ar   |
| And.21 : Mamoaka gadra tsy ara-dalàna.   | Fangatahana fampiharana lalana.   |
| <b>TOKO FAHA II</b>  |   |
| <b>MOMBA NY HALATRA OMBY</b>   |   |
| <b>II.1 : Mikasika ny kizo.</b>  |   |
| And.22 : Tanàna tsy mamafa kizo  | 100 000Ar   |
| And.23 : Olona tsy mety mamafa kizo.   | 10 000Ar  |
| And.24 : Tanàna tsy misafo kizo  | 100 000Ar   |
| And.25 : Tsy fisian'ny fanamafisana ny kalony.   | 200 000Ar   |
| <b>II.2 : Mikasika ny fiambenana.</b>  |   |
| And.26 : Ny mpanendry na ny mpiambina tsy nanao ny adidiny.  | 10 000Ar  |
| <b>II.3 : Mikasika ny vala</b>   |   |
| And.27 : Tsy fanaovana vala manara-penitra   | 5 000Ar   |
| And.28 : Fahaverezan'omby tamin'ny alalan'ny soko nefo tsy misy mpahita.   | Isan'ny omby isaky ny fisavana<br>200 000Ar ho an'ny mpiambina voatendry. |
| <b>II.4 : Mikasika ny fanarahana-dia.</b>  |   |
| And.29 : Ny olona tsy manara-dia ny mpangalatra.   | 50 000Ar ho an'ny mpanendry sy ny voatendry.                              |
| And.30 : Mpanara-dia miverin-dalana nefo tsy nahazo alalana amin'ny mpiray dina.   | 100 000Ar   |
| And.31 : Olona manana basy nefo tsy mety manara-dia.   | 100 000Ar   |
| And.32 : Mamerivery, mamezivezy na mamilivily mpanara-dia.   | Ampiharina ny vonodina voalaza ao amin'ny and.49.                         |
| And.33 : Ny olona tsy teo an-toerana aminn'ny fotoana itrangan'ny halatra nefo tsy nisoratra tamin'ny bokin'ny mpandeha.                           | 100 000Ar arahina famotorana amin'ny kabary.                              |
| And.34 : Tsy fampiasana bokin'ny fanarahana-dia amin'ny fitanana an-tsoratra ny zava-miseho (fanoloran-dia sy fandraisana dia)                     | 20 000Ar  |
| And.35 : Tanàna tsy mety mandray dia na tsy maha-tafavoaka dia.  | Manolo ny omby very mitovy isa sy karazana ary habe.                      |
| And.36 : Mpiasam-panjakana mandà tsy hanampy ny mpanara-dia amin'ny fanomezana vatsy sy tatitra faran'izay haingana amin'ny ambaratongam-pahefana. | 50 000Ar  |
| And.37 : Tanàna tsy manao tatitra ao anatin'ny 48ora na tsy mampandre ny mpitandro filaminana hanampy ny mpanara-dia.                              | Mandoa omby vositra 1.  |
| And.38 : Fokontany na tanàna manakaiky ny tanàna voatafika tsy manara-dia ny 1/5n'ny vatan-dehilahy voandidy hanara-dia.                           | 100 000Ar   |
| <b>II.5 : Mikasika ny omby sy ny fivezivezen'ny omby.</b>  |   |
| And.39 : Bokin'omby tsy ara-dalana (mpiompy)   | 100 000Ar   |
| And.40 : Omby tsy anaty boky sady tsy misy taratasy mazava ara-potoana   | 100 000Ar miampy fampidirana fourrière.                                   |
| <b>II.6 : Mikasika ny koka (hazolava)</b>  |   |
| And.41 : Tanàna tsy mampita koka.  | 100 000Ar   |

|  |  |
|--|--|
| And.42 : Tanàna tsy mikoka   | 100 000Ar isan-tanàna arahina famotorana amin'ny kabary. |
| And.43 : Tanàna tsy mandray koka   | 100 000Ar  |
| And.44 : Tanàna nahavoaray koka nefá tsy manara-dia                            | Omby vositra 1   |
| And.45 : Tsy fananana boky fampitana koka                                      | 20 000Ar   |
| And.46 : Ny olona azo anavahana ny mpangalatra sy ny fiankaviany :             |  |
| <b>RAHA OMBY NO VONODINA</b>   |  |
| ▪ Raha hita velona ny omby very  | Omby 1 soloina 3   |
| ▪ Raha hita maty na tsy hita intsony   | Omby 1 soloina 4   |
| <b>RAHA VOLA NO VONO DINA HAMPIHARINA</b>                                      | <b>Sandaina :</b>  |
| ▪ Raha vositra   | 600 000Ar ny iray  |
| ▪ Raha tamana  | 200 000Ar  |
| ▪ Raha vatony lahy   | 300 000Ar  |
| ▪ Raha vatony vavy   | 200 000Ar  |
| ▪ Raha zanany lahy na vavy   | 150 000Ar  |
| And.47 : Tanàna voatazona fa tsy nandray andraikitra momba ny fahaverazan'omby | Omby 1 very misolo omby 1 mitovy karazana.               |

### TOKO III : MOMBA NY HALABOTRY

#### III. 1. Mikasika ny halabotry eo amin'ny fambolena sy fiompiana

|   |   |
|---|---|
| And.48 : Halabotry amin'ny fambolena sy biby fiompy ankoatran'ny omby.          | Sandaina in-5 heny ny zavatra nangalarina na vidin'ny zavatra nangalarina.    |
| And.49 : Tsy fanana foto-boly na foto-pivelomana                                | Terena hanao asam-pokonolona.   |
| And.50 : <b>Halatra taolam-paty :</b><br>Raha tratra ny taolam-paty nangalarina | Omby vositra 20 sady mandoa ny lany amin'ny famerenana ny razana ao am-pasana |

#### III.2 : Dramotra, Soloky ary fanendrikendrehana tsy mari-pototra

|  |                           |
|--|---------------------------|
| And.51 : Dramotra sy soloky                  | Mitovy amin'ny lahabotry. |
| And.52 : Fanendrikendrahana tsy mari-pototra | Omby vositra 2.           |

### TOKO IV : DORO TANETY DORO TRANO

|   |   |
|---|---|
| And.53 : Afo mahakasika faritra arovana.                            | 400 000Ar   |
| And.54 : Afo mahakasika ireo toerana fambolen-kazo.                 | 400 000Ar   |
| And.55 : Fandorana kijana tsy nahazoana alalana.                    | 60 000Ar  |
| And.56 : Dorotrano.   | Omby vositra 10 sy famerenana amin'ny laonina ny simba. |
| And.57 : Fanimbana lalàna.  | Vola 1 000 000Ar sy mamerina amin'ny laoniny ny simba.  |
| And.58 : Fangalarana ny arofanin'ny tetezana sy ny amin'ny lalamby. | 200 000Ar   |

### TOKO V : AMIN'NY FITANDROVAN NY RANO

#### V.1. Mikasika ny fanimbana samihafa mifandray sy miantraika amin'ny rano.

|   |  |
|---|--|
| And.59 : Fampijanonana miaraka amin'ny vava ny fanimbana no fepetra ampiarahina amin'ny ankapobeny. |  |
| And.60 : <b>Fanimbana lalandrano:</b><br>Fanotofana dobo.   | Fanamboarana ny simba miampy vola 20 000Ar |
| And.61 : <b>Fanimbana barazy :</b><br>Foto-drafitr'asa mifandray aminy.                             | Vola 100 000Ar sy fanamboarana ny simba.   |
| And.62 : Fanimbana paompy, vovo, siniben-drano.   | Miantoka ny simba miampy vola              |

|  |   |
|--|---|
|  | 20 000Ar  |
| And.63 : Fanimbana ny ala manamorona ny rano.  | Mamboly hazo miampy vola<br>20 000Ar  |
| <b>V.2 : Mikasika ny fandotoana sy fanampoizinana rano.</b>                                |   |
| And.64 : Fandotoana fantsakana, vovo, siniben-drano sns...                                 | Manadio sy mandoa vono dina<br>200 000Ar  |
| And.65 : Fampiasana poizina hamonoana biby anaty rano.                                     | Mitovy amin'ny andininy faha 67.  |
| <b>V.3 : Mikasika ny ady rano</b>  |   |
| And.66 : Ady rano misy fandratrana olona na vono olona.                                    | Ampiharina ny paika ao amin'ny andininy faha 56, 57, 58 sy ny vono dina ao amin'ny toko VI andininy faha 71 sy 72 momba ny fandratrana na vono olona ary ny andininy faha 66 momba ny ady tany. |
| <b>TOKO FAHA VI : OMPA – FANDRATRANA SY FAMONOANA OLONA</b>                                |   |
| And.67 : Manompa sy maniva razan'olona.  | Omby vositra 1  |
| And.68 : Fandratrana olona niniana natao<br><br>Faty olona.                                | - Miantoka ny lany amin'ny fitsaboana miampy vositra 2<br>- Omby vositra 20 miampy ny lany amin'ny fandevenana.   |
| And.69 : Fandratrana miteraka takaitra mandra-pahafaty.                                    | Sazina mitovy amin'ny faty olona miampy lany amin'ny fitsaboana.  |
| <b>TOKO VII : NY AMIN'NY ZAVA-MAHADOMELINA</b>   |   |
| And.70 : Fambolena rongony.  | Potehina ny voly rongony miampy vono dina 400 000Ar   |
| And.71 : Fivarotana rongony sy zava-mahadomelina.  | Dorona ny rongony tratra miampy vono dina 200 000Ar   |
| And.72 : Fampiasana, fifohana, fihinanana, fitsindronana na fisotroana zava-mahadomelina.  | 100 000Ar   |
| <b>TOKO FAHA VIII : NY ADY TANY SY FANANAN-TANY</b>  |   |
| <b>VIII.1 : Fidirana ankeriny amin'ny tany sy fanimbana voly.</b>                          |   |
| And.73 : Fidirana ankeriny amin'ny tany tsy mbola milamina.                                | Omby vositra 1  |
| And.74 : Fidirana amin'ny tany ka manimba ny voly misy ao na voly avotra na voly hazo.     | Omby 2  |
| <b>TOKO FAHA IX.</b>   |   |
| <b>IX .1 : Mikasika ny tsy fandefasana ny zaza an-tsekoly.</b>                             |   |
| And.75 : Tsy fampidirana zaza ampy taona an-tsekoly nefy tsy nisy antony ara-pahasalamana. | Ampidirana mianatra avy hatrany ny zaza miampy vono dina vola 10 000Ar  |
| <b>TOKO X : MOMBA NY PAIK'ADY ARAHINA AMIN'NY KABARY</b>                                   |   |
| And.77 : Tsy famonjena kabary tsy misy antony mazava.                                      | 20 000Ar  |
| And.78 : Fanakorotanana ny fizotran'ny kabary.   | Omby vositra 1  |

# REPOBLIKAN'I MADAGASKARA

## Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

FARITRA MATISATRA AMBONY

\*\*\*\*\*

FITSIPIKA ANATINY MOMBA

NY DINAN'I MATSIATRA AMBONY

### TOKO I : MOMBA NY FIFIDIANANA NY MAMBRAN'NY BIRAON'NY KOMITY MPANATANTERAKY NY DINA (KMD) ISAN'AMBARATONGA.

Andininy voalohany : - Firafitry ny Biraon sy ny fomba fifidianana azy isan'anambaratongany. Araka ny voalazan'ny andininy faha 17 ao amin'ny Lalàna laharana faha 2001-004 dia toy izao ny firafitry ny Biraon Mpanatanteraka.

Filoha 1

Filoha lefitra 1

Mpitran-tsoratra 1

Mpitran-tsoratra lefitra 1

Mpitahiry vola 1

Mpitahiry vola lefitra 1

Mpanolotsaina 2

Ny mpizaka kosa dia tendren'ny favoriam-ben'ny mpiray dina eo am-panaovana Kabary ka olona 2 isaky ny ambaratonga (FKT, Kaominina, Distrika, Faritra).

Andininy 2 : Toy izao no fepetra arahina amin'ny fifidianana ny Biraon'ny KMD.

- a) Eo anivon'ny fokontany : fidin'ny mponina rehetra feno 18 taona noho miakatra eo ambany fitarihan'ny sefom-pokontany.
- b) Eo anivon'ny Kaominina : fidin'ny Filoha sy ny Filoha Lefitry ny KMD isam-pokontany. Azo fidina ho mpikambana eo anivon'ny Kaominina ny Filoha sy ny Lefitry ny KMD avy amin'ny fokontany.
- d) Eo anivon'ny Distrika sy ny Faritra (mitovy tsy misy valaka amin'ny eo ambony).

Andininy 3 : Raha toa ka lany ho mpikambana ao amin'ny komity Mpanatanteraka ny KMD eo amin'ny ambaratonga ambony ny Filohan'ny KMD dia miakatra misolo azy ny lefiny.

Andininy 4 : Tsy maintsy manana badge avokoa ireo mambran'ny KMD, izay soniavin'ny Solotenam-panjakana mahefa eo amin'ny faritra sy ny Filohan'ny KMD.

### TOKO II : MOMBA NY FITORIANA

Andininy 5 : (Ny olona mahazo mitory) Ireto avy no mahazo mitory.

- a) Amin'ny raharaha vono olona : ny Ray na Reny, ny vady na zanaky ny maty na ny iray tam-po amin'ny maty.
- b) Amin'ny heloka hafa : ny niharam-boina ampy taona na ny Ray sy ny Reniny na ny mpiray tam-po aminy raha tsy ampy taona izy.

Andininy 6 : Ny fitoriana an-tsoratra miaraka amin'ny antontan-taratasy manaporofo ny fitoriana no alefa any amin'ny filohan'ny KMD izay mandefa an'izany any amin'ny Lehiben'ny Distrika na ny Faritra mba hanaovana fanaraha-maso ny maha-ara-dalàna sy hanomezana fahazoan-dalàna.

Andininy 7 : Raiketina anaty rejistra vita rango-pohy sy vita savaravin'ny solotenam-panjakana mahefa eo an-toerana arakaraka ny fahatongavany ary anomezana tapakila naharaisana ny fitoriana.

Andininy 8 : Ny fiantsoana izay tsy maintsy atao ao anatin'ny 15 andro fara-fahakeliny alohan'ny vaninandro hanaovana Kabary, dia ampitaina amin'ny alalan'ny sefom-pokontany misy ny mpiady ka anomezana tapakila

naharaisana na fanamarihana ny antony tsy nandraisana azy izay averina any amin'ny Filohan'ny KMD mpanao fiantsoana avy hatrany.

### TOKO III : MOMBA NY FAHEFAN'NY KMD

Andininy 9 : Alamina toy izao ny fahefan'ny KMD :

- Ny KMD eo anivon'ny Fokontany no mitsara ny raharaha mpampifanolana olona roa na maromaro samy mponina ao amin'ny fokontany iray.
- Ny raharaha mampifanolana olona roa
- Ny raharaha mpampifanolana olona roa na maro mponina ao amin'ny Kaominina samy hafa dia tsarain'ny KMD eo anivon'ny Distrika.
- Ny KMD eo anivon'ny Faritra kosa no mitsara ny raharaha mampifanolana olona roa na maromaro mponina ao amin'ny Distrika samy hafa na faritra samy hafa ka ampiharina amin'izany ny fepetra voalazan'ny andininy faha 02, andalany faha-3 ao amin'ny lalàna laharana faha 2001-004.
- Na izany aza anefa, arakaraky ny fahasarotan'ny toe-draharaoha (faty olona, halatra taolam-paty, halatra omby) dia azon'ny KMD eo amin'ny ambaratonga ambany atao ny mangataka fanampiana amin'ny KMD eo amin'ny ambaratonga ambony amin'ny alalan'ny fangatahana an-tsoratra ataon'ny Filohan'ny KMD voakasika. Azony atao ihany koa ny mangataka fanampian'ny mpahay lalàna iray. Na izany aza anefa, dia tsy madray anjara amin'ny fanapahan-kevitra raisin'ny KMD tompon-draharaoha izy ireo fa mpanampy sy fakan-kevitra ihany.

### TOKO IV : MOMBA NY FAMPIHARANA VONO DINA

Andininy 10 : Tsy misy fananan'olona azo alaina ho vono dina raha tsy amin'ny alalan'ny fanapahana noraisin'ny KMD teo amin'ny Kabary Dina izay raketina ao amin'ny rejistry ny fanapahana.

Andininy 11 : Raha toa ka misy fahaverezan-dia na fahatratrana omby halatra eo amin'ny toerana iray ka tsy mahatafavoaka dian'omby ny mponina eo amin'io faritra io, dia famerenana omby mitovy isa sy karazany no ataon'ny mponina alohan'ny fanapahan'ny KMD eo amin'ny Kabary.

Hisy fitanana an-tsoratra ataon'ny Sefom-pokontany eo an-toerana izay fanolorana omby izany. Raha ohatra anefa ka fantatra ny tompon-keloka dia averina amin'ny fokonolona ireo omby solovoina ireo fa ilay na ireo mpangalatra kosa no mandoa ny vonodina.

### TOKO V : MOMBA NY FAMARITANA NY KIJANAN'OMBY

Andininy 12 : Ny kijanan'omby eo anivon'ny Kaominina dia faritana araka ny Didim-pitondrana raisin'ny Ben'ny Tanàna. Ny Kijanan'omby eo anivon'ny Kaominina dia faritana araka ny Didim-pitondrana raisin'ny Ben'ny Tanàna. Ny Kijanan'omby eo amin'ny Kaominina mpifanolobodirindrina kosa dia faritana araka ny Didim-pitondrana raisin'ny Lehiben'ny Distrika rehefa nakana ny hevitr'ireo Ben'ny Tànanan'ny Kaominina voakasika.

### TOKO VI : FEPETRA FARANY

Andininy 13 : Ho fanajana ny fepetra voalazan'ny andininy faha 19 ao amin'ny Dinan'i Matsiatra Ambony dia tsy maintsy ampandrenesina ny trangan-javatra ny tonian'ny Fampanoavana sy ny mpitandro filaminana ary ireo solotenam-panjakana isan'ambaratongany.